

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tandindrazana – Fandrosoana

MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FIZAHANTANY
ARY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO

DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA

**Anaovana ny fombafomba fidirana amin'ny tsenan'ny fanampiana eo am-pijanonana
eo amin'ny seranam-piaramanidina eto Madagasikara**

**NY MINISITRY NY FITATERANA SY NY FIZAHANTANY ARY NY
FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO**

- Araka ny Lalàmpanorenana ;
- Araka ny lalàna tamin'ny 14 aprily 1962 iandanian'i Madagasikara amin'ny Fifanarahana mikasika ny Fifamoivoizana an'habakabaka Sivily Iraisam-pirenena nosoniavina tany Chicago tamin'ny 7 desambra 1944 ;
- Araka ny lalàna laharana faha-2012-011 tamin'ny 13 aogositra 2012, novàna sy nofenoin'ny lalàna laharana faha-2015-006 tamin'ny 12 febroary 2015, anaovana ny Fehezan-dalàna malagasy momba fifamoivoizana an'habakabaka sivily ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-99-821 tamin'ny 20 oktobra 1999, novàna sy nofenoin'ny didim-panjakana laharana faha-2003-790 tamin'ny 15 jolay 2003 sy laharana faha-2011-601 tamin'ny 27 septambra 2011, mametra ny Sata mifehy ny Fifamoivoizana an'habakabaka Sivily eto Madagasikara (ACM) ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2008-187 tamin'ny 15 febroary 2008, novàna sy nofenoin'ny didim-panjakana laharana faha-2013-710 tamin'ny 17 septambra 2013 anaovana ny fandaminana ny Fitondran-draharahan'ny fifamoivoizana an'habakabaka sivily ary manondro ny anjara raharahan'ireo rafitra izay ao anatiny ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2013-027 tamin'ny 15 janoary 2013 novana sy nofenoin'ny didim-panjakana laharana faha 2015-1648 tamin'ny 15 desambra 2015 sy laharana faha 2016-1092 tamin'ny 02 aogositra 2016 anaovana ny fitsipika mifehy ny seranam-piaramanidina ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 2017-414 tamin'ny 30 mey 2017 ankatoavana ny Taratasy momba ny politikan'ny firenena mikasika ny fitaterana an'habakabaka eto Madagasikara ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2019-066 tamin'ny 01 febroary 2019 manondro ny anjara raharahan'ny Minisiteran'ny Fizahan-tany sy ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr'andro ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2019-1407 tamin'ny 19 jolay 2019 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2019-1410 tamin'ny 24 jolay 2019, novana sy nofenoin'ny didim-panjakana laharana faha 2019-1857 tamin'ny 20 septambra 2019 anendrena ny Mambra ao amin'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-pitondrana laharana faha-31900/2018 tamin'ny 20 desambra 2018 mikasika ny fahazoana, ny fisintonana ary ny fanavaozana ny fankatoavana ny asa fanampiana sy fizakana samirery eo am-pijanonana eo amin'ny seranam-piaramanidina eto Madagasikara ;

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :

Andininy voalohany.- Antony

Izao didim-pitondrana izao dia natao ho fampiharana ny teboka 1.3 ao amin'ny tovana amin'ny didim-panjakana laharana faha 2017-414 tamin'ny 30 mey 2017 voalaza etsy ambony.

Ny antony dia hamerana ny fombafomba mikasika ny fidirana amin'ny tsenan'ny asa fanampiana eo am-pijanonana eo amin'ny seranam-piaramanidina eto Madagasikara.

And. 2.- Fisokafan'ny tsenan'ny fanampiana eo am-pijanonana

1. Ny fisokafan'ny fifaninanana amin'ny asa fanampiana eo am-pijanonana dia ilaina rehefa mihoatra ny varotra isan-taona izay 2 500 000 ny fivezivezen'ny mpandeha ary entana 35 000 taonina.

2. Ny famaritana ny isan'ny mpisahanasa omen-dalana hamonona ny asa fanampiana eo am-pijanonana isaky ny seranam-piaramanidina eto Madagasikara dia miankina ankoatr'izany amin'ireto mason-tsivana ara-teknika manaraka ireto :

- ny fahazoa-mampiasa ny faritra na ny haben'ny tsanganasa eo amin'ny seranam-piaramanidina ;
- ny ambaratongan'ny fiarovana sy ny fiantohana ny filaminan'ny lahasa mifandray amin'ny asa fanampiana eo am-pijanonana eo amin'io seranam-piaramanidina io.

3. Ny isan'ny mpisahanasa omen-dalana hamonona ny asa fanampiana eo am-pijanonana eo amin'ireo seranam-piaramanidina eto Madagasikara dia ferana amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Fifamoivoizana An'habakabaka Sivily eto Madagasikara.

And. 3.- Fepetra teo aloha

Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'izay voalazan'ity didim-pitondrana ity.

And. 4.- Fepetra farany

Izao didim-pitondrana izao dia horaketina am-boky sy havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara ary hampahafantarina na aiza na aiza ilana izany.

Antananarivo, ny

10 JAN 2020

**NY MINISITRY NY FITATERANA SY NY FIZAHANTANY
ARY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO,**